Ny olona dia manaraka ny finoan'ny namany, koa aoka ny tsirairay aminareo hijery izay ho namany

Tatitra avy tamin'i Abo Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny olona dia manaraka ny finoan'ny namany, koa aoka ny tsirairay aminareo hijery izay ho namany."

[Tsara] [Notantarain'I Abo Daòd, Al-Tirmizì ary Ahmad]

Nanazava ny Mpaminany (S.A.W) fa ny olona iray dia mitovy amin’ny namany sy ny sakaizany ankaiky azy amin’ny fitondran-tenany sy ny fahazarany, ary ny fisakaizana dia misy fiantraikany amin’ny fitondran-tena, ny toetra ary ny fihetsika, ary noho izany antony izany no nanorohany mba hanatsara ny fisafidianana namana. Satria ny namany dia mitarika azy ho amin’ny finoana sy ny fitarihana ary ny hatsaram-panahy izany, ary ho lasa tohana ho an'ny namany hatrany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/3122